## Filoha Ravalomanana
# Mpanangana fa tsy mpandrava, mpanohitra fa tsy mpanongam-panjakana 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 6 Aogositra 2019 | Laharana 939 | Vidiny : **400 Ar**


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 141), Madagasikara 03 aogositra 2019** 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Finoana katolika 3
# Tena ho avy ny Papa François



## Fitondràna Rajoelina 2
# Lohalaharana amin'ny fikafika maloto



### DEPIOTE RAMBOASALAMA 2
## Hataovy amin'ity taona ity ny fifidianana ben'ny tanàna



### Fanabeazana 6
## Fantaro ny kalendrie ny taom-pianarana 2019- 2020

### Tsy fandriampahalemana 6
## Tratra avokoa ireo jiolahy 5 naka an-keriny zaza 12 taona

### Hetsiky ny olompirenena... 3
## Mitety faritra amin'ny ady amin'ny hala-bato

### Daka kely
Tsy manana kandida ve dia mitady hevitra maloto ry Boaikely a !

### Boriboritany faha 6 (CUA) 5
## Nijery ifotony ny olan'ny mpamboly vary eny an-toerana



**DEPIOTE RAMBOASALAMA**

# Hataovy amin'ity taona ity ny fifidianana ben'ny tanàna

Nanao tatitra ny fivoriana tsy arapotoanan'ny Antenimierampirenena farany teo, ny depioten'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-4, Antananarivo Renivohitra, Rmboasalama Emilien ny sabotsy teo, tetsy amin'ny Kianja Mitafon'i Mahamasina. Tatitra tamin'ireo mpifidy avy amin'ireo fokontany miisa 32 mandrafitra ity Boriboritany ity. Feno hipoka ny Kianja Mitafon'i Mahamasina nandritra io fotoana io. Tamin'izany ihany koa no nankasitrahan'ny depiote Ramboasalama Emilien ireo mpifidy azy tao amin'ity Boriboritany ity, nisy ny famonoana omby niaraha-nisakafo nizarany ny nofon-kena mitam-pihavanana. Tamin'io fotoana io ihany koa no nanehoan'ity olom-boafidy ity ny fahitany ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, toy ny mahakasika ny satan'ny mpanohitra. Ampiharo aloha izany lalàna izany hoy izy, avy eo vao tokony hahitsy raha misy hahitsy. Ny momba ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsainan'ny Kaominina ho avy, hataovy amin'ity taona ity izany fifidianana izany ary tsy azo ekena ny mety ho fanendrena PDS hoy izy, satria didy jadona sy tsy ara-dalàna ary tsy manaraka ny demokrasia izany. Nanentana ny fototry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo mpiara-dia amin'ny filoha Marc Ravalomanana izy, hiomana sahady amin'izany fifidianana kaominaly ho avy izany, na mbola tsy fantatra aza ny daty hanatanterahana azy. Efa nentaniny koa ny rehetra handray anjara amin' izany fifidianana rehefa ho tanterahana, adidy no mifidy hoy izy.



***Isambilo***

CUA

# Fantaro ireo ben'ny tanàna voafidim-bahoaka efa nifandimby

Hatramin'ny taona 1959, miisa 7 ireo ben'ny tanàna voafidim-bahoaka nifandimby nitondra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), saika lehilahy avokoa izy ireo fa ny ben'ny tanàna amperinasa Lalao Ravalomanana ihany hatreto no vehivavy voafidim-bahoaka mitondra ny renivohitr'i Madagasikara.
Ireto avy izy ireo:
- 1959 - 1975 : Richard ANDRIAMANJATO;
- 1983 - 1990 : RAKOTOVAO Andriantiana,
- 1995 - 2000 : Guy Willy RAZANAMASY,
- 1999 - 2001 : Marc RAVALOMANANA,
- 2003 - 2007 : Patrick RAMIARAMANANA,
- 2007 - 2009 : Andry RAJOELINA,
- 2015 ka hatramin'izao : Lalao RAVALOMANANA.

Araka ny efa voalaza teo, Lalao Ravalomanana no vehivavy voalohany voafidy ary ny Pasitera Richard Andriamanjato no ben'ny tanàna voafidy zandriny indrindra, satria teo amin'ny faha-29 taonany izy no nanomboka nitondra ny tanàn'Antananarivo. Tsiahivina fa ny tanànan'Antananarivo dia manana sata manokana ary antsoina hoe «Commune Urbaine hors catégorie».
Ireo rehetra maneho hevitra amin'izao fotoana, na mpanao politika, na fiarahamonim-pirenena, na olon-tsotra dia samy manambara fa tokony hatao amin'ity taona ity ny fifidianana kaominaly dia ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina ny kaominina izany. Miandry ny CENI dia avy eo ny governemanta izay, amin'ny fanaikana ny mpifidy hanefa ny adidiny amin' izany fifidiananaa izany. Hisokatra tsy ho ela arak'izany ny hazakazaka indray ny amin'izay ho ben'ny tanàna faha-8 voafidim-bahoaka eto Antananarivo Renivohitra, na ho i Neny ihany, na olona hafa. Ho hita eo ny tohiny.



*Ny Lapan'ny tanànan'Antananarivo.*

***Nangonin'Isambilo***

Ady amin'ny kolikoly

# Handray ny asany ny tale jeneralin'ny Bianco vaovao

Handray ny asany amin' izay ny tale jeneralin'ny Bianco vaovao, na Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly. Hanao fianianana anio ny tale jeneralin'ny Bianco, Andrianirina Laza Eric Donat. Hotanterahina ao amin'ny Fitsarana Tampony, anio talata 6 aogositra 2019, ny lanonana ara-pitsarana handraisana ny fianianan'i Andrianirina Laza Eric Donat mialohan'ny handraisany feno ny asa aman'andraikitra maha tale jeneralin'ny Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly (Bianco) azy. Nandritra ny filankevitry ny minisitra tamin' ny 25 jolay 2019 no nandraisana ny didim-panjakana fanendrena an'i Andrianirina Laza Eric Donat ho Tale jeneralin'ny Bianco, efa iray volana taty aorian'ny tokony hivoahan'ny fanendrena vao nivoaka ny fanendrena azy, izany hoe somary tratra aoriana ihany. Kolonely teo anivon'ny Zandarimariampirenena izy no niala rehefa niasa tao amin'ny Bianco. Administratera sivily, mpahay lalàna ary efa lehiben'ny sampana mpanao fanadihadiana (Chef de division investigation) tao amin'ny Bianco Mahajanga. I Andrianirina Laza Eric Donat no nandimby toerana an'i Andriamifidy Jean Louis, izay tapitra tamin'ny 24 jona 2019 ny 5 taona tsy azo havaozina niasany.



*Ny tale jeneralin'ny Bianco vaovao.*

***Isambilo***

NY VALOSOA *Dokam-barotra*
Tel. 034 79 076 00

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondràna Rajoelina

# Lohalaharana amin'ny fikafika maloto

Mitady hevitra hatrany ny fitondràna TGV, tarihin'ny filoha Andry Rajoelina amin'ny tsy hanomezana vahana ireo olona izay tsy mitovy firehan-kevitra politika aminy. Tadiavina amin'izany ny fomba rehetra tsy ahafahan'ny mpifanandrina politika hitondra vina hampandrosoana ny firenena satria mahana tamin'ny zavatra natao teto amin'ny firenena nandritra ny fanonganam-panjakàna tamin'ny taona 2009, izay nampitondra faisana Malagasy marobe tamin'izany izy. Tadiavin'ity fitondràna ity ho gejaina ho azy samy irery ny mpitondra hitantana eto manomboka any amin'ny farany ambany ka hatrany ambony izay efa midika avy hatrany, fa hanao didy jadona izy amin'izany hitazonany ny fahefana toy ny Sefo fokontany, ben'ny tanàna, lehiben'ny faritra, ny governora izay tadiavin'i Andry Rajoelina hapetraka ato ho ato. Namoaka tetiandrom-pifidianana ny CENI amin'ny hanaovana ny fifidianana kaominaly amin'ny 28 oktobra ho avy izao, efa tokony hisokatra ny fisoratana anarana ny faramparan'ny volana jolay teo. Tsy nasian 'ny governemanta sira araka ny fitenin'ny tanora azy anefa io tetiandro io satria tsy novaliana akory satria tsy nisy ny didy nampiantso ny vahoaka hifidy 3 volana mialohan'ny fifidianana navokan'izy ireo hatramin'izao, nilaozan'ny governemanta nanao vakansy aloha ny raharaham-pirenena ary mbola misy ao anatin'izany fotoam-pialan-tsasatra izany izy ireo amin'izao fotoana. Misy paipaika maloto matoa mbola mampitarazoka io fifidianana io ny fanjakana Rajoelina. Eo ny famerenana ny fandinihan'ny solombavambahoaka sy ny loholona ny lalàna mifehy ny mpanohitra izay mbola tsy nampiasaina akory. Dia ho hita eo fa dia miandry hatrany ny vahoaka satria tsy adala akory izy ireo, ka tsy hahafantatra ny paipaika maloto atao eto amin'ny firenena, ataon-dRajoelina sy ny forongony hatramin'ny fotoanan'ny tetezamita nanonganany fanjakana mandraka ankehitriny.

***Helisoa***

Ampefy Soavinandriana

# Nahazo fanadiovan-drano avy amin'ny japone

Nahazo fitaovam-panadiovan-drano avy amin'ny japone ny kaominina Ampefy any amin'ny distrikan'i Soavinandriana. Ny faran'ny herinandro teo no notokanana tany an-toerana izany foto-drafitrasa izany, fitaovam-panadiovan-drano mandeha amin'ny angôvo avy amin'ny masoandro, afaka manadio rano mandritra ny 3 andro ny angôvo avy amin'ny masoandro azony. Olona miisa 2000 avy amin'ny fianakaviana miisa 400 eo noho izany, no hahazo rano fisotro madio noho ny fahavitan'izao tetikasa izao. Araka ny nambaran'ny Ambasadaoron'i Japon eto amintsika, Ichiro Ogasawara, izao foto-drafitrasa azon'ny Kaominina Ampefy izao dia ao anatin'ny tetikasa: "fanampiana ho amin'ny fanatsarana ny fahazoana rano fisotro madio", fanomezana avy amin'ny governemanta japone, vita Sonia tamin'ny taona 2017, mitentina 2 tapitrisa dolara amerikana, ka ankoatra an'Ampefy amin'ny faritra Itasy, faritra 4 hafa no hahazo tombontsoa amin'izany dia i Vakinankaratra, Betsiboka, Bongolava ary ny faritra Matsiatra Ambony.

***Isambilo***



### Hetsiky ny olompirenena miady amin'ny halabato sy hosoka

## Manomboka mitety faritra

Manomboka mitety faritra ankehitriny ny hetsiky ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy halabato amin'ny fifidianana, mba ho fifidianana madio eken'ny rehetra no hisy eto Madagasikara manomboka izao. Nitohy tany Toamasina ny faran'ny herinandro teo, ny hetsika nataon'ny olompirenena sy ny mpanao politika ary ny fikambanana maro samihafa toy ny fiarahamonim-pirenena, tao amin'ny Hotel Carlton Anosy, izay nanamafisan'ny mpikambana ao amin'ny hetsiky ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy halabato amin'ny fifidianana, fa raha tiana hanjaka eto amin'ny firenena ny demokrasia marina sy tany tan-dalàna dia fifidianana madio sy rafitra vaovao no tokony hisy eto Madagasikara, amin' ny fifidianana manaraka ho avy eo. Hita mibaribary mantsy fa tsy tombona araka ny tokony ho izy ny fifidianana solombavambahoaka sy filohampirenena nisy teto Madagasikara, izay nanjakàn'ny hosoka sy halabato. Teo koa ny lesoka be tamin'ny lisi-pifidianana, izay hatramin'ny CENI mpikarakara fifidianana aza efa niaiky ny tsy fetezana tamin' izany. Mila antsika rehetra hoy Pasitera Edouard Tsarahame hiady mafy mba hisian' ny fifidianana madio eto Madagasikara.



*Ny fivoriana notarihan'ny hetsiky ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy ny hala-bato tany Toamasina.*

***Helisoa***

Finoana katolika

## Tena ho avy ny Papa François

Tena ho avy eto Madagasikara ny Papa François, filohan'ny Eglizy Katolika Apostolika Romana maneran-tany, nanamafy izany omaly teny amin'ny tranon'ny Nonce Apostolika Ivandry, ny solontenan'ny Papa eto Madagasikara, ny Nonce Apostolika sy ny mpitarika ny EKAR eto Madagasikara, nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'izy ireo. Tsy araka ny tsaho aelin'ny sasany, fa resaka fotsiny izany hahatongavan'ny Ray Masina eto amintsika, fa tena ho avy tokoa izy. Nampahafantarin'izy ireo omaly io, ny fandaharam-potoanany manontolo mandritra ny hahatongavany eto amintsika afaka 1 volana anio dia ny 6 septambra ho avy izao izany, ka hatramin' ny 10 septambra 2019. Firenena 3 no hotsidihan'ny Papa François amin'izao fivahinianana hataony izao dia i Mozambika, Madagasikara ary ny Nosy Maorisy, hanomboka ny 4 septambra ny hitsidihany ireo firenena 3 ireo izany, ka tsy hifarana raha tsy ny 10 septambra. Ny zoma 6 septambra 2019 amin' ny 4 ora sy sasany tolakandro dia hisy ny lamesa fandraisana azy amin'ny fahatongavany eny amin'ny seranampiaramanidina Ivato. Ny sabotsy 7 septambra dia hihaona amin'ny filoha Andry Rajoelina izy, hihaona amin'ny tompon' andraiki-panjakana isantsokajiny, ny fiarahamonim-pirenena sy ireo masoivoho vahiny monina sy miasa eto Madagasikara. Hihaona amin' ireo Eveka eto amintsika. Hitsidika ny fasan' ny Olon-tsambatra Victoire Rasoamanarivo ary ny alina dia hisy ny fiarahany miari-tory amin'ny tanora eny amin'ny Soamandrakizay Androhibe. Ny alahady 8 septambra ny lamesa lehibe hotarihany eny amin'ny Soamandrakizay Androhibe manomboka amin'ny 10 ora maraina. Ny tolakandro dia hitsidika ny Toby Akamasoa ny Ray Masina, hivavaka ho an'ny mpiasa eny amin'ny Chantier Mahatazana, hihaona koa amin'ireo pretra amin'ny relijiozy ao amin'ny Kolejy Masina Misely Amparibe. Ny alatsinainy 9 septambra kosa izy dia ho atsy amin'ny Nosy Maorisy, hiverina eto amintsika ihany amin'io alatsinainy io amin'ny 8 ora alina. Ny talata 10 septambra amin'ny 9 ora maraina ny Papa François no handao an'i Madagasikara hihazo an'i Roma Italia. Raha momba ny toerana handraisana azy dia efa vita 90% ankehitriny ny asa, mpilatsaka an-tsitrapo miisa 1 alina mahery no hahetsika hanampy ny mpitandro filaminana amin'ny fitandroana ny filaminana, mandritra ireo andro handalovan'ny Papa Ray Masina eto Madagasikara izao. Marihana fa 30 taona lasa izay no nandalovan'ny Papa ray masina farany teto Madagasikara dia ny Papa Jean Paul II.



*Papa François, filohan'ny Eglizy Katolika eran-tany.*

***Ny Valosoa***

Seranam-piaramanidina Ivato

## N°991, laharana maitso ho an'ireo manana olana samy hafa

Raha misy manana olana ireo mpandeha eny amin'ny seranampiaramanidina iraisampirenena eny Ivato, misy mitaky vola, na mangataka voandalana, nefa mahatsapa fa ara-dalàna ny taratasy sy ny entana dia azon'izy ireo atao ny miantso ny laharana maitso 991. Indrindra ho an'ireo hiala sasatra efa eo an-tanana avokoa ny taratasy dia tokony ho afaka mandeha malalaka ny mpandeha. Ankoatra ireo firenena efa voarara tsy azo andehanan'ireo olona hiasa intsony: misy 10 mahery eo ireo firenena ireo, araka ny fanambarana avy eny amin'ny tompon'andraikitry ny seranam-piaramanidina Ivato.

***Aly***




*Laharana maitso ho an'ireo manana olana.*

## NY TENY FIAINANA



***Ohabolana 25:16***

*Mahita tantely va hianao? Hano izay antonona anao, fandrao voky loatra hianao ka handoa azy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Filoha Ravalomanana : mpanangana fa tsy mpandrava, mpanohitra fa tsy mpanongam-panjakana




**RazzaAndria** : ny Filoha Ravalomanana dia mpanangana fa tsy mpandrava, mpanohitra fa tsy mpanongam-panjakana.

**Michel Jacques Rakotozafy** : marin'izany hafa hiany i dada, andriamanitra hombanao amen !

**Michel Jacques Rakotozafy** : fantatrao ve fa tsy mba nomena subvention ny maire nandritry ny efataona hatramin'ny fitondran'i Rajaonarimampianina sy ny filoha Andry Nirina Rajoelina, na izany aza be ny zava-bitan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokana Marc Ravalomanana ary ny CUA nandritra izay 4 taona izay, mpanangana fa tsy mpandrava izy mivady.

**Christallin Mamonjy** : sioka tokana eh, sioka tokana io dia hitohy tsy ho ela ny fampandrosoana ny renivohitra sy ny mponina ao aminy.

**Viviane Ratrimoharinosy** : ny fifidianana toy ny safidy lamaody. fitafiana am zao ny akanjo rovitra mampiseho tata- body ka tsy hahagaga raha hisafidy fisainana orange n sasany satria io no vaovao. Na izany aza, hafa ihany Dada sy i Neny, tena mitsinjo ny vahoaka madinika, akaiky ny vahoaka hatrany.

**Noro Hanitra Ranaivoson** : filoha nahavita nampandroso ny firenena, namelona malagasy maro tamin'ny orinasany nanerana ny Nosy, tsy mbola nisy nahavita nanatsara ny fari-piainan'ny malagasy ohatrazy hatreto, teto amin'ny firenena.

**Lydia Razanamparany** : mpanohitra mpanagana izy fa tsy mpanongam-panjakana toa an'i Andry Rajoelina, Rajoelina : mpandodro sy mpamotika firenena, tsy hadino ary tsy azo hadinoina mihitsy ny tso-drano fanapotehana an'Antananarivo nataony tamin'ny taona 2009.

## TONONKALO

## Ry olom-boatendry, ry olom-boafidy

Ry olom-boatendry, ry olom-boafidy
Mitoetra amin`ny avo ka dia mihalangalana,
Moa tsy iainanareo ny mangidy
Mahazo ny avoko sy ny ahipalana ?

Izay fangatahana sy fitakiana,
Tsy maika ianareo ny handinika ireny ?
Ny seza efa azo k`aleo dia odiana
Manao tazan-davitra sy tsy miteny ?

Miletra, mitavana, mihinana hatrany
No hany mba tanjona tena imasoana ?
Ny biby aza anie mba mahay an`izany
Ka sao lany andro amin`ny zava-poana.

Tsy hoe tonga ho azy ianareo fa nantsoina
(F`izay ilay voafidy na koa notendrena ).
Nanaiky ianareo fa tsy hoe hotompoina,
Koa `ndeha re esory ny fitiavantena.

Fa hafa dia hafa izany olom-boafidy,
Mamela ny maminy toy ny tantely.
Ny lazan`ireny tsy ho very tadidy,
Fa mbola hotsarovan`ny be sy ny kely.

**SEDERA RAVALISON (04-08-19)**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Fidinana ifotony nataon'ny Boriborintany faha-6 sy ireo mpamboly teny amin'ny tanimbarin'Ambohimanarina.**









**EPP Garbit Antsirabe**

# Mankalazana ny faha 100 taona nijoroany

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny zoma teo ny fankalazana ny faha 100 taonan'ny ny EPP Garbit teo aloha eto Antsirabe, izay nomena anarana ho EPP Avenue de la Gare ankehitriny. EPP isan'ny tranainy indrindra amin'ireo EPP misy eto amin' ny fari-piadidiam-pampianaran'i Vakinankaratra ary manana ny hanitra ho azy ary efa nijinja vokatra be tokoa teo amin'ny fanabeazana ireo zaza Malagasy avy eto Antsirabe. Feno 100 taona ny nijoroan'ity EPP ity ary nankalazaina ny marainan'ny 02 Aogositra 2019 ny fanokafana ny jobily entina anamarihana izany fotoana goavana izany ho an'ny sekoly. Tamin'ny taona 1919 no niorina ny EPP ary nampitondraina ny anaran'i Général Hubert Garbit izay nanorina azy, ka "Ecole Européenne Garbit", no anarany tamin'izany. Tamin'io 1919 io dia 7 ny isan'ny mpianatra nanomboka nianatra ary vahiny avokoa izy ireo. Nanomboka ny taona 1960 izay nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena kosa no niova anarana hoe "EPP Avenue de l'Indépendance" izy ary io no tokony hiantsoana azy mandraka ankehitriny. Ny taona 1965 no nisy Malagasy voalohany niditra tamin'ny fitantanana ny sekoly ary efa tale 8 no nifandimby teto hatramin'izao. Rariny ary feno ny fepetra entina mankalaza ny faha 100 taonan'ny EPP Avenue de l'Indépendance, ka miroso amin'izany amin'izao fotoana ny ekipan-dRamatoa Andriamihanta Tiahehy Ophélia mpitantana ny sekoly ankehitriny. Nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy Ramatoa Préfét d'Antsirabe notronin'ny DRENETP Vakinanakaratra Rakotoarimanana Heriniaina sy ny solontenan'ny faritra Vakinankaratra, ny ben'ny tanànan'ny Kaomina Ambonivohitra Antsirabe ary ny lehiben'ny CISCO Antsirabe I. Samy nanolotra ny teny fiarahabana sy firariantsoa ny rehetra ary nankahery ny amin'ny mbola ho tohiny dia eo lafin'ny fanabeazana ho an'ny EPP. Ny DRENETP manokana dia mbola nanipika hatrany teo amin'ny fandraisam-pitenenany ny maha saro-pady ny fanabeazana feno amin'ny ara-batana , aratsaina ary ara-panahy omena ireo ankizy. Raha tombanana hoy izy izany 100 taona izany dia azo lazaina fa efa feno amin'ny fahamatorana sy traikefa ka tsy atoro voanjo hadiana fa efa mahalala ny lalana rehetra arahina ametrahana fanabeazana mahomby ho an'ny taranaka fara-mandimby.

***Lezama***

## Sakafo Ny Valosoa



Tsiasisa sy saosisy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny vatan'akondro

Ny soa azo avy amin'ny vatan'akondro indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Aza aririana fotsiny ny vatan'akondro fa misy ilana azy. Malaza ho mitazona hamandoana ny vatan'akondro ka azo ambolena tsara ireo zavamaniry tsy dia mamaka lalina. Tena mety amin'ny vanim-potoana maina. Loahana dia asiana tany efa mifangaro amin'ny zezika ao anatiny dia maniry ny zava-maniry hambolena eo amboniny.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Benenitra any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Benenitra any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Benenitra ity kaominina ity, kaominina an-drenivohitra. Somary iva toerana ihany izy satria 240 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny reniranon'i Onilahy ity tanàna ity. Vokatra any ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany. Mpiomby omby sy ondry ary osy koa ny mponina any.



***Ny reniranon'i Onilahy mandalo ny tanànan'i Benenitra.***

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 141), Madagasikara 03 aogositra 2019

***I Mpanjaka 9: 3 "Efa reko ny vavakao sy ny fifonanao izay nataonao teo anatrehako; koa efa nohamasiniko ity trano nataonao ity mba hampitoerana ny anarako mandrakizay: ary ho amin'ity mandrakariva ny masoko sy ny foko."***

Tiako ho fantatrareo miaina ambany masoandro fa ny atao hoe: VAVAKA dia FIHAONANA AMIKO JEHOVAH, RESAKA ifanaovantsika, FIFANDRAISANTSIKA tsy tapaka, DINIKA ifanaovantsika. Araka ny Teniko teo aloha raha tsy misy ny VAVAKA sy ny MPIVAVAKA dia tsy misy fifandraisana ny Lanitra sy ny tany. Aoka hitoetra tsara izay mbola manao izany VAVAKA izany. Ny atao hoe VAVAKA dia FIAINANA miaraka AMIKO JEHOVAH. Ary aoka ho fantatrareo koa fa misy FANDAMINANA izany atao hoe VAVAKA izany aty an-danitra FONENANAY ka asio anjara toerana eo amin'ny fiainanao manokana mihitsy. Zava-miafina ihany koa izany sady ZAVA-MASINA ka tsy azo atao kitoatoa na vazivazy na kilalao. Tsy andrakandrana koa fa ilàna fifantohana sy faharetana ny atao hoe VAVAKA fa tsy maimaika. Noho izany ry mpivavaka dia izay mivavaka rehetra dia tokony mahalala tsara hoe : "miantefa aty AMIKO JEHOVAH ny VAVAKA" ***Jaona 4: 24*** *"IZAHO JEHOVAH dia FANAHY ary izay mivavaka AMIKO tsy maintsy mivavaka amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana."* Tsy halatahaka ihany koa ny atao hoe mivavaka fa nohon'ny amin'ny fiainanao manokana izay mitady vahaolana nohon'ny fahotana mangeja, ny fahoriana mifandimby, ny aretina mikiky, ireo alehelo sy famoizam-po, ireo tsy fahombiazana amin'ny fiainana sy hakiviana sy fijaliana amin'ny endriny maro. Dia toy izao no avaliko anareo olombelona isan-tokony avy: ny antom-pisian'ny Fiangonana dia natsangana hanangonana anareo mba hampianatra ny momba AHY JEHOVAH, ny momba an'i JESOSY ary ny FANAHY MASINA. Tsy maintsy fantarinareo "IZAHAY TELO IZAY IRAY": ZAVA-PANAHY ireo ka dia atsangana amin'ny Fanahy hianareo mba hisy fifanatonana ARA-PANAHY. Tsy misy izay an'ny NOFO izany na dia kely akory aza ry olombelona. Ny anton'izany rehetra izany dia tsy misy FIAINANA sy FAMONJENA raha tsy avy AMIKO. Tandremo mitoky amin-javatra izay mety inoana na tianao na andrian'ny sainao sy ny fonao fa zavapoana izany, ***Jona 2: 9*** *"Izay mivavaka amin'ny sampy dia mahafoy Izay Mpamindra fo aminy."* Matetika hianareo mivavaka ihany fa main'izay tsy fantatrareo, ***Jaona 4: 22-23*** *"Hianareo mivavaka amin'izay tsy fantatrareo; izahay kosa mivavaka amin'izay fantatray, satria avy amin'ny Jiosy ny famonjena. Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka Aminy ho tahaka izany."* Izany no antom-pisian'i JESOSY. IZY no natao SORONA mba ho amin'ny alalany dia tonga eo anatrehako ny VAVAKA ataonareo. Ary dia misaora amin'ny zava-drehetra amin'ny Anarany. Fantatro JEHOVAH fa tsy hainareo ny VAVAKA sy MIVAVAKA fa toa zary lasa FIFANINANANA, zary lasa FAHAZARANA koa. TSIA! TSIA! TSIA! Diso izany. Fa inona ary? Izao no dikany: fitadiavana ny Tavako, fikatsahana ny Heriko, ny fitsaharana sy ny Fiadanana ary ny Fifaliana avy AMIKO. Ireo ilay FANJAKAKO. Tsy misy an'ireo eo amin'ny tany izay misy anareo fa avy aty ambony ireo no ampidinina, zaraina sy omena maimaipoana. Tsy tonga ho azy koa anefa ireo fa misy koa izay takiana eo aminareo sy izay dingana tokony hatao. Rehefa natao SORONA i JESOSY dia izay vao nisy ny atao hoe INDRAFO, ny FAMELAN-KELOKA ary ny FAMONJENA. Izany hoe: mino sy manaiky AZY fa IZY no ILAY TENY tonga NOFO. ***Jaona 1: 12-13*** *"Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanako JEHOVAH, dia izay mino ny Anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterako JEHOVAH."* Ary aza hadino fa FAHASOAVANA io FIAINANA io, ***Jaona 1: 17*** *"Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy; [fa] ny fahasoavana sy ny fahamarinana kosa dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy."*. IZY no hanala anareo amin'ireo voalaza rehetra etsy ambony satria IZY no nohosorana ho MPAMONJY sy MPANAFAKA ary MPANAVOTRA anareo olombelona. Izay ilay LAMINA avy AMINAY ka tsy maintsy ekenareo na tianareo na tsy tianareo, Vakio ***Jaona 1: 1-11***.Tsy hitako JEHOVAH anefa hianareo raha tsy mandalo eo amin'i JESOSY aloha. Ahoana hoy hianareo ilay fandalovana eo AMINY? Tandremo fa tsy azo dinganina IZY. Hianareo mantsy indraindray tsy tia AZY, tsy te hanonona ny Anarany akory ary dia malahelo AHO fa itenenanareo ratsy IZAHAY. "MAMPALAHELO" izany fombanareo izany. Tsy ekenareo IZY kanefa anie dia IZY no hitsara anareo amin'ny andro FITSARANA e!, ***II Timoty 4: 1*** *"Eo anatrehan'i JEHOVAH sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny fanjakany, no ananarako anao mafy."* Dia ahoana izao ny aminareo tsy tia AZY sy tsy mino AZY io? ***Hebreo 10: 30*** *"Fa fantatsika Izay nanao hoe: «Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly;» ary koa: «Jehovah hitsara ny olony"."* Tsy misy azonareo hihodivirana na handosirana izay voasoratra, ***Joda 1: 14b-15*** *"Indro, tonga Jehovah mbamin'ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra ny asan'ny haratsiam-panahy rehetra, izay nataony tamin'ny haratsiam-panahiny sy ny teny sarotra rehetra izay nitenenan'ny mpanota ratsy fanahy hanohitra Azy"*. Ka hianareo ve efa mba nandalo teo AMINY? Io ilay dingan'ny Batisa dimy ka aza atao atsirambina ary aza matoky tena koa. Tandremo ary fa izay mandalo ireo ihany no atolony AHY JEHOVAH ary dia indro misy anjely manokatra boky ho an'izany olona izany ary misy "SEZA" miandry azy koa aty.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY FAHA 6 (CUA)

# Nijery ifotony ny olan'ny mpamboly vary eny an-toerana



Ny 80% ny mponina eny amin'ny boriboritany faha 6 kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mpamboly sy mpiompy avokoa. Manoloana izany, mitaraina ireo mpamboly vary eny Betsimitatatra, eny Avaratr'Ambohimanarina, fa dibodrano ny tanimbary ary efa halohalika mihintsy. Ny ketsa afafy anefa dia ohatra ny felan-tanana araka ny fanambaràna nataon'ireo mpamboly teny an-toerana. Noho izany, mangataka izy ireo ny hanokafana ny rano ao anatin'ny fotoana fohy satria tena efa tara ny fanetsàna. Manoloana izany indrindra, nidina ifotony teny an-toerana nijery ny olan'ireo mpamboly vary teny Ambohimanarina ny ekipan'ny boriboritany faha 6, notarihin'ny delege, Fehizoro Andriamananjezika araka ny toromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nijery ny olana mahazo ny tantsaha. Tsy nijery fotsiny ny kaominina Antananarivo Renivohitra manoloana ny fitarainan'ireo mpamboly fa efa nisy hoy ny delege Fehizoro Andriamananjezika ny fihaonana tamin'ny tompon'andraikitry ny Apipa ary mbola manaitra ny sain'izy ireo hatrany izahay hoy izy ny hamahàna haingana ity olana goavana mahazo ny mpamboly vary ity. Ny vahaolan a hita sy maika amin'izao dia mila vahàna ny vavarano eny Antanjondroa, ary hidiana kosa ny eny Tanjombato mba hifehezana ny rano. Hesorina ihany koa ireo tsikafona mameno ny lakandrano C 3, mba hampizotra tsara ny fandehan'ny rano. Teto dia nisaotra ny kaominina Antananarivo renivohitra ny mpamboly eny Betsimitatatra, indrindra ny any avaratr'Ambohimanarina satria hita mihintsy fa mijery ny olana fototra mahazo ny mpamboly izy ireo, araka ny fanambarana nataon'izy ireo.

***Helisoa***

## Ben'ny tanànan'Ivato

# Hiantoka ny fampianarana zazakely jamba iray any Antsirabe



*Jenny kely, zazakely jamba, hiverina hianatra any Antsirabe indray.*

Mitohy hatrany ny asa sosialy ataon'ny ben'ny tanànan'Ivato, Penjy Randrianarisoa, amin' ireo mponina ao amin'ny kaominina iadidiany. Jenny kely, zazakely jamba mipetraka eny Mandrosoa Ivato, sahirana ny ray aman- dreniny amin'ny fampianarana azy. Horaisin'ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa an-tanana ny fampianarana azy any amin'ny sekolin'ny jamba any Antsirabe manomboka izao. Efa nianatra tany i Jenny kely teo aloha, efa nahay nanoratra kely izy, saingy tsy araky ny ray aman-dreniny ny saram-pianarana, ka izao horaisin'ny Ben'ny tanànan' Ivato izao. Efa fanaon'ny Ben'ny tanàna ny asa soa amin'ny mponin'Ivato toy izao indrindra ireo sahirana ara-pivelomana.

***Stefa***

## Radio Rofia Fianarantsoa

# Fiadiana ny amboara Rofia ho fankalazana ny faha-herintaonany

Ny sabotsy teo no nanomboka tamin'ny fomba ofisialy ny fifaninanana ara-panatanjahatena, izay anisan'ny hetsika, ao anatin'ny fankalazana ny faha-herintaona niorenan'ny Radion'ny Oniversiten'i Fianarantsoa Andrainjato na ROFIA. Tanora mpianatry ny Oniversiten'i Fianarantsoa maherin'ny 600 no mandray anjara ao anatin'ity fifaninana ity. Ireo taranja ara-panatanjahantena ifaninanana dia ny baolina kitra sy Basket-ball izay tanterahana mandritra ny iray volana. Efa nisy sahady ny voka-dalao ny fa-ran'ny herinandro teo tamin'ity fifaninanana amboara Rofia ity:



*Ireo mpijery nanatrika ny fanokafana..*

Baolina kitra lehilahy:
-EMIT 2-1FLSH.
-PAT 0- 2 ENS
-FAC MED 2(2)-2(4)ISTE

Baolina kitra vehivavy:
-FAC SC 0(2)-0(3)ENS
-FLSH 1-0 ISTE

Basket-ball lehilahy:
-FAC SCIENCE 69-65 MEDECINE
-FLSH 43-79 EMIT

Basket-ball vehivavy:
-FAC DEGS 49 -56 EMIT

***Lita***

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana

## Tratra avokoa ireo jiolahy 5 naka an-keriny zaza 12 taona

Tratra avokoa ankehitriny ireo jiolahy miisa 5 mpaka an-keriny tao amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro iny. Raha tsiahivina dia ny harivan'ny alahady 16 jona 2019 lasa teo tamin'ny 7 ora dia nisy zazalahikely 12 taona mipetraka ao Betela kaominina Morarano-kraoma Distrikan'Amparafaravola izay nalaina an-keriny, nataon'ireo jiolahy miisa 02 mitam-basy. Tsy niandry ela ny zandarimaria tany an-toerana dia nikaroka vaovao avy hatrany mikasika izany. Ny alarobia 19 jona 2019 anefa dia navotsitr'ireo tsy mataho-tody ihany ilay zaza tao amin'ny toerana anelanelan'i Ambavasambo any Anosivolakely Distrikan'Anjozorobe rehefa nandoa vola 46 tapitrisa ariary ny fianakaviana


Ireo jiolahy mpaka an-keriny tratra.

takalon'ilay zazalahy. Taorian'ny nahazoan'ny zandary tatitra dia nandefa tsy nisy hatak'andro ny sampana manokana mpikaroka fandikan-dalàna heloka bevava avy aty Antananarivo niampy ny zandary mpanao famotorana avy ao Ambatondrazaka hanao izay hihazana ireo jiolahy. Ny 03 tamin'izany no voasambotra avy hatrany ka nahiditra vonjimaika amponja rehefa natolotra ny fitsarana. Rehefa nataon' ny sampana mpanao famotorana avy ao amin' ny zandarimaria Ambatondrazaka ny raharaha taty aoriana araka ny fifanakalozan'antso sy hafatra hita tao anaty finday nampiasain'ireo jiolahy, dia tratra tsirairay ihany koa ny 02 antsoina hoe Lemena sy Jaomainty naka an-keriny mivantana an'ilay zaza. Mbola sarona tamin'izy ireo ny karapanondrompirenena hosoka fampiasany nandritry ny fakana an-keriny, ka hatramin'ny nisamborana azy ireo, ny ambim-bola tsirairay azon'ireo jiolahy tamin'ny takalon'aina, finday fampiasany, ary omby miaraka amin'ny bokin'omby hosoka novidiany tamin'ny vola takalon'aina izay sarona tany Ranomafana RN2 nividianana azy. Efa tratra avokoa ireo jiolahy, ny 02 farany tamin'ireo naka an-keriny dia ny zoma 2 aogositra 2019 no nampidirina any am-ponja. Noho izany dia velom-pisaorana ny zandary ny Ray aman-dRenin'ilay zaza sy ny fianakaviany manontolo.

***Ny Valosoa***

Fanabeazana

## Fantaro ny kalendrie ny taom-pianarana 2019- 2020

Fantaro ny kalendrie amin'ny taom-pianarana ho avy 2019- 2020. Nivoaka izao ny fandaharam-potoana amin'izany taom-pianarana ho avy izany. Ny 3 volana voalohany amin'ity taom-pianarana ho avy io dia hanomboka ny volana oktobra 2019, ka tsy hifarana raha tsy ny 20 desambra 2019. Ny vakansin'ny Noely sy taom-baovao dia ny 21 desambra 2019 ka hatramin'ny 5 janoary 2020. Fetin'ny Olomasina ny 1 novambra 2019. Ny 3 volana faha-2 dia hanomboka ny 6 janoary 2020, ka tsy hifarana raha tsy ny 04 aprily 2020. Ny andron'ny sekoly amin'ny taona ho avy io dia ny 26 febroary ka hatramin'ny 28 febroary 2020. Ny vakansin'ny Paka dia hanomboka ny 05 aprily 2020 ka hatramin'ny 19 aprily 2020. Ny 3 volana faha-3, hanomboka ny 20 aprily 2020, ka tsy hifarana raha tsy ny 29 jona 2020. Fetin'ny asa ny 1 mey 2020, Ascension na fiakarana ny 21 mey 2020, alatsinainin' ny Pentekôty ny 01 jona 2020. Ny vakansy lehibe amin'ny taona ho avy dia hanomboka ny 30 jona 2020. Ny fanadinana CEPE hatao ny 16 jona 2020; ny BEPC ny 6 ka hatramin'ny 9 jolay 2020, ary ny fanadinana baccalauréat dia ho tanterahana ny 27 ka hatramin'ny 30 jolay 2020.

**CALENDRIER SCOLAIRE 2019/2020**

| TRIMESTRE | DEBUT | FIN | PAUSES & VACANCES |
|---|---|---|---|
| 1° | Octobre 2019 | 20/12/2019 | Toussaint : 01/11/2019<br>Noël et Nouvel an 21/12/19 au 05/01/20 |
| 2° | 06/01/2020 | 10/04/2020 | Journée des écoles : 26 au 28/02/2020<br>Vacances de Pâques 08/04 au 19/04/2020 |
| 3° | 20/04/2020 | 29/06/2020 | Fête du travail : 01/05/2020<br>Ascension : 21/05/2020<br>Lundi de Pentecôte : 01/06/2020<br>Grandes de vacances : 30/06/2020 |

Dates des Examens officiels :
C.E.P.E : 16/06/2020
B.E.P.C : 06 au 09/07/2020
BACC : 27 au 30/07/2020

***Isambilo***

**SARIITATRA :** Fitondrana Rajoelina : any amin'ny fanariam-pako daholo aloha ny zavatra maika rehetra




Vakinankaratra

## Niara-nientana nankalaza ny androm-paritry ny fahasalamam-bahoaka

Toy ny isan-taona dia mankalaza ny androm-paritry ny fahasalam-bahoaka ny eto Vakinankaratra ka ny zoma teo no nankalazana izany tao Andranomafana-Antsirabe. Fihaonamben'ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny lafiny fahasalamam-bahoaka eto Vakinankaratra izany, niara-nankalaza io androm-paritry ny fahasalamam-bahoaka io avokoa ireo sampandraharaha ara-pahasalamana nanerana ireo distrika miisa 7 eto Vakinankaratra. Tranoheva maro ahitana ireo mpisehatra ireo avokoa sy ny manodidina rehetra nahafan'ireo mpitsidika nahafantatra misimisy kokoa ny tolotra rehetra eo amin'izay lafin'ny fahasalamana izay eto an-toerana sy ny fitiliana maimaimpoana ireo karazan'aretina maro toy ny Diabeta, VIH Sida, sy toy ny fijerena maso , fiakaran'ny tosi-dra sy torohevitra mahakasika ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, isan'izany ny fanomezana ireo reny toro-lalana mikasika ny sakafo manampy amin'ny fitomboan'ny zaza. Afaka nanome rà maimaimpoana ihany koa teto ireo izay liana tamin'izany satria nisy ny toerana natokana ho fanomezan-drà maimaimpoana nataon'ireo mpitsabo. Nanokatra ity androm-paritry ny fahasalamam-bahoaka eto Vakinankaratra ity ny Tale Jeneralin'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka notronin'ireo olo-manankaja avy eto Vakinankaratra, nisy an-dRamatoa Préfét d'Antsirabe , teo ihany koa ireo talem-paritra maro avy amin'ireo andrim-panjakana misy eto Antsirabe. Nivoitra hatrany teo amin'ny fandraisam-pitenenana samihafa ny maha zava-dehibe ny fahasalamam-bahoaka satria ny vahoaka salama no afaka miasa sy manatontosa ny adidy aman'andraikitra rehetra ho fampandrosoana ny firenena. Anton'izao andiany faha 7 amin'ny androm-paritra anamarihana ny fahasalamam-bahoaka izao ho fanehoana fa mifanome tanana ary miaraka ny sehatry ny fahasalamana eto amin'ny faritry Vakinankaratra manatratra ny tanjona dia ny hananan'ny vahoaka eto an-toerana fahasalamana lavorary .

***Solohery***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Aleveno impito mandifotr'olona ny fankahalana. Amina Miliara no lany tamin'ity Fotodrafitrasa raitra teny Ambohimanambola ity. Mba saino kely fotsiny. Lavitra be amin'ny ahoana !?! Azo trandrahina tsara ny Lalamby 100 metatra eo ankilany, izay mamakivaky an' Antananarivo renivohitra ka mandalo soa amantsara eo. Mbola misy rano ( Ikopa ) ihany koa eo ambaniny ary 150 metatra miala eo koa raha lavitra indrindra. Mamakivaky ny ilany andrefan'Antananarivo sy ny manodidina sy mampitohy ny sisiny Atsinanana Antananarivo. Farany, ny fiarakodia. Lazao amiko izay Taxibe tsy mamakivaky an' Antananarivo, ka tsy mandalo eny : Eo ny 192 tonga hatrany Ilafy ( akaiky eo ny Terminus ). Ny 163 sy 194 any Mausolée sy Andranomena ( mandalo eo ). Ny Zotra F avy eo Mahitsy ( tsy lavitra ny Hôtel Le Hintsy ) izay any amin'ny CNAPS no farany. Ny E Ambohimangakely mandalo isa-minitra mihazo an' Andravoahangy sy Ankadimbahoaka. Mbola misy avy any Ambohimanambola hatrany Ambohijatovo ary raha mandroso kely (Domaine Alasora na eo amin'ny Gazety ) dia mahita lavoloha - Anjomakely - Bongatsara na 187 ( Andoharanofotsy ) sy 115 (Tsimbazaza - Mahamasina - 67ha ) sns .... Malalaka tsara ny Fitaterana ho an'ny daholobe eo amin'io Faritra io. Azo varotana tsara amin'ny lafiny fizahantany izany ity toerana ity no mety tsara amin'ny maha Gare Routière azy. Ampiasao amin'izay fa sao simba na itoeran'ny vorona sy fandrian'ny voalavo. Aleo higoka zavatra tsara ny Malagasy. Tsetsatsetra tsy aritra no ilazana fa hisy lalambaovao hisokatra tsy ho ela, tsy lavitra eo, ho vita amin'ny herintaona mampitohy Bypass hatreny Andranobevava. Ndao handroso amin'izay fa aza variana amin'ny fankahalana ny teo aloha foana.

***Faniry Razafy***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**03/08/19 hatramin'ny 10/08/19**

- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 939-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**BETSIAKA AMBILOBE**

# Naato ny fitrandrahana volamena tsy manara-dalàna nataon'ireo sinoa

Nitohy tany amin'ny faritra Diana, ny fidinana ifotony nataon'ny delegasiona avy amin'ny Ministeran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika. Taorian'ny faritra Betsiboka dia nihazo an'i Betsiaka, 32 km miala an'Ambilobe indray ny Minisitra Fidiniavo Ravokatra sy ny mpiara-dia aminy ny zoma teo. Am-polo taonany maro no efa nisy fitrandrahana volamena tao Betsiaka saingy tsy mbola hita taratra eny amin'ny vahoaka ifotony, ny kaominina sy ny fanjakana ny tamberina sy ny tombontsoa azo avy amin'ny seha-pihariana volamena ao an-toerana. Toy ny tao Maevatanàna dia nampahafantarina ny vahoaka miantsehatra eo amin'ny fitrandrahana volamena fa tsy misy afa-tsy ny fidirana amin'ny ara-dalàna irery ihany no hahitan'izy ireo tombontsoa eo amin'ity sehatra ity. Tsy ho atao tantely afa-drakotra ny harempirenena, fa ilaina ny fanaraha-maso ny vokatra avy amin'ny faritra tsirairay misy fitrandrahana, mba hiteraka tombontsoa ho an'i Madagasikara.


*Ireo tompon'andraiki-panjakana nidina tany Betsiaka Ambilobe.*

### Fampiatoana fitrandrahana tsy ara-dalàna

Hentitra ny Ministera manoloana ny tsy fanarahan-dalàna sy ny gaboraraka. Fokontany maromaro misy fitrandrahana tsy ara-dalàna ataon'ny sinoa indray no nakatona ao anatin'ny fokontany Ankatôko, Marogadra, Andrafialava. Antony nandraisana ny fanapahan-kevitra ny fahafoanan'ny fiarahamiasa teo amin'ireo vahiny sy ny orinasa Kraoma tompon'ny faritra itrandrahana, ny taratasy fahazoan-dalana hitrandraka sy ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana tsy ara-dalàna, ny tsy fisian'ny bokin'andraikitra . Ny toeram-pitrandrahana iray tao Andrafialava dia mampiasa fitaovana mahery vaika amin'ny fitrandrahana.

***Aly***

Besarety Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nojerena ireo mahatonga ny rano maloto tsy hikoriana amin' ny tatatra rehefa fahavaratra

Tonga nirotsaka nidina niaraka tetsy amin'ny tetik'asa fanamboara-dalana sy lankandrano tetsy Besarety , nijery ny fivoahan'ny rano teny an-toerana : ny orinasa Colas sy ny "Bureau d'étude Inframad"ary ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tamin'ny alalan'ny Boriboritany faha-3, izay notarihan'ny Delege Hery Razafintsalama, ny mpandrindra ny GRC na fitantanana ny loza voajanahary ao amin'ny CUA kolonely Jaona Andrianaivo ary ny "Responsable d'Assainisement Travaux" omaly tolankandro. Marihana fa io toerana io no tena fototra ny fitohanan'ny rano avy eny amin'ny "Vallée de l'Est" Ampahibe, Antsakaviro, Tsiadana … ka anisan'ny mahatonga ny fiakaran'ny rano eny an-toerana rehefa avy ny orana . Ny anton'ny fidinana dia fitadiavana ny vahaolana amin'ireo toerana tsentsina rehetra tsy mampandeha ny rano maloto sy ny fivarinan'izany rano izany. Araka izany dia nisy ny fangadiana ny arabe izay misy ny fahatsentsenana, ka vato solona passerelle no tao ambany tao ary nisakana tsy nampandeha ny rano noho ny fako sy loto isan-karazany ary fasika sy vato notazonin'izany vato izany. Ireo loto sy fako koa dia vokatry ny havoretran'ny olona manodidina sasany. Marihana fa vatsian'ny BEI, na ny Banky Eoropeana momba ny fampiasam-bola vola izany tetik'asa rehetra izany.


***Helisoa***


*Ny fidinana ifotony nataon'ireo tompon' andraikitra teny Besarety.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 289**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0288)

***Mitsivalana***
- Volamena
- Asako – At
- Ranomena
- Amy – Bodo
- Tra
- Rora – Hao
- Ala – Fay

***Mitsangana***
- Varatra
- Maso (Miv) – Lo (Miv)
- Lanitra
- Ako – Rà
- Momba
- Eo – Ha
- Nandray
- Atao

### TENY MIFANAPAKA N° 289




**Mitsivalana**

**1.** Miparitaka **2.** Harena (Miv) – Fototenin'ny mandao **3.** Embona (BR) – Raharaha **4.** Fifanolanana (Miv) **5.** Eritreriny **6.** Tsy tsaroana **7.** Kanto – Teny miangavy, mandrara **8.** Heno – Vita amin'ny tanimanga (BR) – Firenena (BR) **9.** Ao amin'ny rora – Toeram-piasana **10.** Zava-maniry (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Tsy salama – Aviavy **B.** Bengy – Fanaviana **D.** Taranakao **E.** Hazo maro tapaka – Havana **F.** Ampahatelon'ny rononono – Tamy – Farateny (Miv) **G.** Nikaroka (Miv) – Gia **H.** Vahiny – Kianteny **I.** Marary saina (Miv) – Ilaina amin'ny fanorenana izay atao (Miv) **J.** Lio – Nitetika, naniry (BR) **K.** Jamoka – Milaza fananana

### Valiny Teny mifanaraka 0288

**Mitsivalana**

1 Maloto - Soa **2.** Ivoloina **3.** Ao - Dakao **4.** Ambola **5.** Anabavy - Id **6.** Eo - Roa (Miv) **7.** Lona (Miv) - Kanto **8.** Mitolona **9.** Inona ? - Na **10.** Sakaizany

**Mitsangana**

**A.** Miala - Sima (Miv) **B.** Avo - Nenina **D.** Lo - AA - Koto (Miv) **E.** Olombelona **F.** To - Bao - Lay **G.** Vidio (Miv) - Ko **H.** Lany (Naly) - Aina (Miv) **I.** Saka - Ana **J.** Toy (Miv) - Ny **K.** Avondrona

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fihaonan'ny depiote TIM, Ramboasalama tamin'ireo mpikatroka sy ireo mpanohana tamin'ny fifidianana depiote.















